



Ny dikan'ny fitsidihan'i Papa Fransoa ho an'ny Fiangonana eto Madagasikara

Voalohany indrindra dia isaorantsika Andriamanitra noho fitiavany sy ny fitantanany ny zavatra rehetra ary ny fitantanany manokana ny Eglizy ka mbola afaka manatanteraka ny iraka fitoriana ny vaovao mahafaly manerana ny tany rehetra. Isaorantsika manokana ny Papa Ray Masina Fransoa nohon 'ny fitiavany manokana an'ity nosy malalantsika ity. Nasehony ombieny ombieny ny faniriany hamangy an'i Madagasikara ary raha namangy azy ny Biraon'ny Fivondronamben'ny Eveka tamin'ny volana febroary tamin'ny taon-dasa ka nangataka taminy ny hamangiany an'i

Madagasikara dia tsy nisalasala izy namaly hoe « Ho avy aho ».

Ankehitriny, mivoaka amin'ny fomba ofisialy ny daty hamangian'ny Papa antsika rehefa nataony dingana rehetra nanomanana sy nandaminana an'izany ka dia misaotra an'Andriamanitra, misaotra ny Papa Ray Masina fa ho faly isika handray azy. Isaorana manokana koa ianao Son Excellence Mgr le Nonce Apostolique tamin'ny fandaminana.

Isaorana ihany koa ny filoham-pirenentsika Andry Rajoelina izay nanasa azy ho tonga aty amintsika ary vonona ny handray azy.

Zava-dehibe tokoa ho an'ny Eglizy eto Madagasikara ary ho an'ny firenena manontolo izao famangian'ny Papa François ho antsika izao. Andrandraina fa hitondra aina vaovao ho an'ny finoana sy hamelona fanantenana ho an'ny vahoaka malagasy manontolo.

Mifanandrify indrindra amin'ny fankalazana ny faha-30 taona namangian'ny Papa Joany Paoly faha-2 ny firenentsika satria ny 28 avrily ka hatramin'ny 01 mey 1989 tokoa no namangy antsika teto Madagasikara ny Papa Joany Paoly faha-2 izay efa lasa Olomasina ankehitriny ary inoana marimarina fa mivavaka ho antsika.


Ankoatr'izay dia misy
fankalazana maromaro
hanamarika ny Fiainan'ny
Eglisy eto Madagasikara sy
ireo fikambanan-drelijozy
sasan-tsasany amin'ity taona
ity ka mifanojo indrindra
amin'izao Famangian'ny Papa
Ray Masina antsika izao :

Ny diosezin'i Morondava dia
hankalaza ny faha-100
taonan'ny nanaovana Batemy
voalohany tao amin'ny faritry
ny diosezy, izay manambara
ny nidiran'ny finoana Katolika
tao amin'izany faritra izany.



Hanamarika ny faha-50 taona
nahatonga azy ho "Province
mahaleo tena" koa ny
fikambanan'i Jesoa izay
fantatsika amin'ny fiantsoana
hoe "Zezoita", amin'ity taona
ity.

Ny zezoita izay azo lazaina fa
anisan'ireo fikambanana
mpamaky lay tamin'ny
fitoriana ny Vaovao mahafaly
sy ny fananganana ny
Fiangonana teto amin'ny
nosintsika indrindra taty
amin'ny faritra afovoan-tany
sy atsimon'ny nosy.




Tsaroantsika angamba fa ny 07 jona 2009, no nanambaran'ny
Papa Benoit XVI ny naha-olontsambatra an'i Fr. Raphael Louis
Rafiringa. Feno 10 taona amin'ity taona ity zany.
Tao amin'ny fikambanan-dry Frères Des Ecoles Chrétiennes,
moa no nisy an'i Frère Raphael Louis Rafiringa, ary io
fikambanana io dia mankalaza ny faha-300 taona
nahafatesan'ny Olomasina Mpanorina azy, dia i Md Jean
Baptiste de la salle. Asongadina amin'izany fankalazana izany
ny lanjan'ny fanabeazana ao amin'ny sekoly katôlika izay
nimatimatesan'ity olomasina mpanorina ity. Fantatsika ihany
koa ny anjara toeran'ny sekoly katolika eto amin'ny nosintsika.

Ary mbola mandray anjara
mavitrika ankehitriny amin'ny
fitoriana ny Vaovao mahafaly
amin'ny sehatra maro
samihafa. Ny Papa Fransoa
rahateo dia fantantsika fa ao
anatin'ny fikambanan'i Jesoa.

Entintsika am-bavaka , mba ho
tonga soa ama-tsara eto
amintsika izy; ary hitondra aim-
baovao ho antsika anie ny
hafatra entiny ka hanamafy ny
ezaka ataontsika hampanjaka
ny fahamarinana izay antoky
ny fandriam-pahalemana.

Misaotra antsika mianakavy



*Ny Kardinaly Mgr Désiré
TSARAHAZANA
Prezida ny "conference épiscopale" ny
Madagascar*